## NY TENY FIAINANA

*"Fa ny fahatezeran'ny olona tsy ahefana izay marina eo imason'Andriamanitra."*

***Jakoba 1:20***

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Mijaly ny mpampiasa ny RN5, ho hita eo indray izay hataon'ny ministra vaovao

**Fanomezantsoa Damy :** tena mijaly zahay mpampiasa ny RN5, Soanieran'Ivongo, Mananara Avaratra, Maroantsetra. Ho hita eo indray raha hataon'ny ministry ny travaux publics vaovao. Efa mampiteny ny moan any faharatsian'ny lalana aty.

**Fana Bird :** ô Rajoelina a!dia mbola zahay majinika ihany ve no lazaina fa manana toe-tsaina tsy te handroso @ zao. sao dia mba efa tsy rariny intsony e! Zao ny haratsian'ny RN5 amin'ny Région Analanjirofo.

**Mamy Sendra :** io lay efa notenenin'lay hira tamin'ny 2009 hoe: iny lalana iny lalan-tsarotra , dia mbola nofidiana ihany ,efa niteny anie izy amin'ilay hira e!

**Randrianasolo Randrianasolo :** sady mbola nampiany hoe: nga azo hanina ny lalana dia mbola nijoboka ihany ry V!

**Maf Ady :** te hanao aminy eo ? hafa i DADA ! mbola fidio ndray @ 2023 ry mpanongam-panjakana e! fa hanenina tongotra aman-tanana eo toy ny amin'izao fotoana indray.

**Gah Petsana Harishu :** misidina @ helicopter eran'ny Nosy maka sary ireny koa ve de tsy ho vita? Mitsangatsana aza natao. Ratsy loha mihitsy ity flou ity.

**Jean Ferdinand Mioraharisoa :** nenay ko ary lay lalan-tsarety lôka be ko!

**Rijacelestin Titi :** mitovy lalan'i Didy io.

**Eugene Rakotobe :** mba tsy rariny intsony ity faharatsiana lalana ity a!

**Mn Andrianaly :** hoy ny mpanakanto toy Jerry Marcoss sy ny tariny, solution N°13, kkkkk!

**Zayan Rakotobe :** ka efa hoe ny lalana anga hohanina é! Fidio fôna 13, ahitanareo ny ngidiny e !

**Noeline Raharijaona :** tena ratsy kosa mihintsy e !

**Vony Ranivo :** mahaiza mifidy, fa aza mety rebirebena amin'ny vola 5000 Ar sy ny lambahoany sy ny balawasy ô, fa tena very tanteraka raha izao no zavamisy.

**Aminata Sirène :** fanaoko fanaoko anare igny mahay mifidy kaih.

**Julienne Rasoa : Aminata Sirène :** marina ny voalazanao kkkkk !

**Nandimby Andriniaina :** tia azy tsara Analanjirofo nandihizana reveillon aby hiran'ny propagande.

**Aminata Sirène :** Kkkkkkkkkk igny Agnalanjirofo igny no anisan'ny nahazoany vato betsaka indrindra ta Madagascar.

**Beby Malala : Aminata Sirène :** aza magnano fanaoka zany fa ndre tsy nifidy anazy da lany gne lany fa gone Tia anazy avao gne nifidy fa be gne tsy nandeha nifidy.

**Randrianirina Nanie Patrick :** mody sary atao ny fanombohana ny fanamboarana am 2022 dia ho roboka daholo... Jereo moa e!

**Roméo Solonasaina :** i Hajo iny efa tsy nahavita ireo route nationale simba, dia ho hita eo indray ny hataon'ny ministra vaovao Hatrefindraza, sao dia hihinana fotsiny no nametrahana an'io eo. Zà aloha tsy mino hoe hahavita fahagagana hanao lalanaa maro io ministra vaovao io.

**Noro Razafindrabe :** efa hita am toejavatr rehetr miseho eran'i M/kara aza fa tsy mety mihts ny ataon'ny fitondrana Rajoelina dia mbola misy tena olon-tsotra mbola miaro sy tia azy, ankoatra ny kaonty fako amin'ny FB.

**Julienne Ravaonatoana :** 13 ihany no solution, ataovy ihany.

**Twojoso Randriatsitohaina :** ao fa amboarina io afaka telo andro, hihihiiii!

**Maf Ady :** zà ary mandinika fa na zanahary aza efa vignitra?

**Nandimby Andriniaina : Maf Ady :** dia gaga depute les Roberts A. Tsy heno mitabataba sahalan'ny Avy faritra sasany, Tia rajoelina loatra angamba.

**Tony Mac :** ARTEMESIA : ILAY NOLAZAIN'NY FILOHA RAJOELINA FA HAMPIOVA NY FIAINAN'NY MALAGASY IRAY MANONTOLO. AIZA HO AIZA io amin'izao fotoana izao ? niova tokoa ve ny fiainan'ny malagasy, toa vao mainka ary mantsy mibirioka mankany amin'ny tsy izy. Nolazain'i Mamim-bahoaka tamin'izany, fa raha mamboly vary isika dia 350 dollars ny tonne ny vary, fa ny tonne ny artemesia kosa dia 3000 dollars. Ka mankaiza ny firenena sy ny vidim-piainana amin'izao ? lasa mpanafatra entana avy any ivelany, fa tsy mpamokatra intsony ny malagasy.

### Baolina kitra Coupe de la CAF 2021-2022

# Ny Kabwe Warriors Fc Zambia no hihaona amin'ny Cffa Madagasikara

*Ny amboaran'ny CAF eo amin'ny baolina kitra.*

Fantatra avy amin'ny fampitam-baovao nalefan'ny CAF, fa ny ekipan'ny Kabwe Warriors FC avy any Zambia, no hikatroka amin'ny ekipan'ny Cffa Madagasikara, eo amin'ny fifaninanana baolina kitra fiadiana ny amboaran'ny CAF 2021/2022 andiany faha-18, ka ny lalao mandroso dia ho tontosaina amin'ny 10 ka hatramin' ny12 septambra 2021 ary ny lalao miverina kosa dia hatao amin'ny 17 ka hatramin'ny 19 septambra 2021 hatrany. Marihana fa miisa 54 ireo klioba afrikana mandray anjara amin'ity fifaninanana ity, ka ekipa miisa 10 no tsy miatrika ny lalao savaranonando noho ny laharana ambony misy azy eo anivon'ny CAF. Tontosa tamin'ny zoma 13 aogositra 2021 lasa teo tany amin'ny foiben'ny CAF any Le Caire Egypte ny antsapaka tamin'izany fiadiana ny amboaran'ny CAF izany.

***Rainilita***

### Tompondakan'i Madagasikara Basket U 14

# Nibata ny amboara ny Ascut Atsinanana sy Jcba Analamanga

*Nyy Jcba Analamanga.*

Tamin'ny alahady 15 aogositra 2021 lasa teo, no nifarana tamin'ny fomba ôfisialy ny fifaninanam-pirenena fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2021, eo amin'ny taranja basikety sokajy U14 zazalahy sy zazavavy. Ny ligin'ny basikety any Atsinanana no nandray ny fifaninanana ary niaraniombon'antoka tamin'ny fanatanterahana an'izany kosa ny Fmbb, notohanan'ny mpanohana mavitrika M-Vola Telma. Ny ekipan'ny Ascut Atsinanana nandresy ny Asf Analamanga 42 – 21no nibata ny amboara teo sokajy U14 zazavavy. Laharana faha-3 ny ekipan'ny Phoenix Vakinankaratra. Laharana faha-4 kosa ny ekipan'ny Espa Matsiatra Ambony. Teo amin'ny sokajy zazalahy kosa dia ny ekipan'ny Jcba Analamanga nandavo ny Asa Analamanga 46 – 38 no nibata ny amboara. Laharana faha-3 ny ekipan'ny Dtsc Analamanga. Laharana faha-4 ny Ascut Atsinanana. Notolorana amboara manokana kosa ireo mpilalao mendrika 5 avy: lahy sy vavy nandritra ny fifaninanana. Ireo mpilalao mendrika 5 vehivavy : Andriamanantsoa N°8 Phoenix Vakinankaratra. Randriamasimanana Ravo N°4 ASF Analamanga. Randriankadona Emmanoella N°12 ASCUT Atsinanana. Solomonestine Andrea N°05 ASF Analamanga, Rakotomanana Estella N°08 ASCUT Atsinanana. Ireo mpilalao mendrika 5 lehilahy : Randrianaharisoa Honty N°14 DTSC Analamanga, Rasetriarivony A'Ranty N10 JCBA Analamanga. Rabemarimanjaka N°15 ASA Analamanga. Ramanantsoa N°45 JCBA Analamanga. Andrianjafy Michel N°4 ASCUT Atsinanana.

***Rainilita***

### Rugby à 7

# Tompondaka ny FTM lehilahy sy ny SCB 1 vehivavy

Ny FTM lehilahy sy ny SCB 1 vehivavy no voahosotra ho tompon-daka tamin'ny fifaninanana rugby à 7 teto amintsika. Ireo voka-dalao nandritra ireo lalao famaranana rugby "CIRCUIT 7s", izay notontosaina tamin'ny 14 sy 15 aogositra 2021 teny amin'ny Kianja Makis Andohatapenaka : Finale bowl homme: FTA Andavamamba (05)-(15)3F5 Amboditsiry. Finale plate homme UASC (22)-(12) XV Avenirs. Finale cup dame SCB Besarety1 (15)-(00) FTM Manjakaray. Finale cup homme: FTM Manjakaray (35)-(07) COSFA2.

***Rainilita***

*Ny Tompondaka vavy teo amin'ny rugby à 7.*